

**Fiantsoana taratasy fikasana (LOI)
Faritra mafana ho an'ny harena voajanahary eto
Madagasikara sy ireo nosin'ny Ranomasimbe indiana
(MADIO)**
Famatsiam-bola ho an'ny tetikasa madinika

Firenena hiasana:	Kaomoro, Madagasikara, Maorisy, Seychelles
Daty fisokafan'ny antso:	15 Novambra 2022
Daty fikatonan'ny antso:	02 Febroary 2023 - 11 ora sy 00 minitra alina (Madagasikara)
Famatsiam-bola:	Tsy mihoatra ny 50 000 dolara amerikana (USD 50.000)

Ny fiaraha-miombon'antoka antsoina hoe RIT (Regional Implementation Team), izay tantanin'ny IUCN NL sy SAF/FJKM eto anivon'ny ranomasimbe Indiana dia mandray taratasy fikasana avy amin'ny sehatra tsy miankina, vondron'olona ifotony, fikambanam-behivavy, orinasal tsy miankina, [fraisamonim-pirenena](#) hafa izay manolotra tetikasa mifanandrify amin'ity antso ity.

FAMPAHAFANTARANA ANKAPOBENY

Ny "Critical Ecosystem Partnership Fund" (CEPF) dia fiaraha-miombon'antoka iraisan'ny « Agence Française de Développement » (AFD), « Conservation International » ny Vondrona Europeana, ny Global Environment Facility, ny Governemantan'ny Japana, ary ny Banky Iraisan-Pirenena. Ny tanjona fototry dia ny fiantohana ny firotsahan'ny [fraisamonimpirenenena](#) ho amin'ny fiarovana ny harena voajanahary.

Kaomoro, Madagasikara, Maorisy sy ny Seychelles dia samy firenena tena marefo tokoa manoloana ny fiovan'ny toe-trandro. Ny ankabeazan'ny mponina, ny tany fambolena sy ny foto-drafir'asa dia mivondrona eny faritra amorontsiraka avokoa, izay iharan'ny fiakaran'ny ranomasina, sy ny fitomboan'ny rivodoza izay matetika sy mihamafy hatrany. Ny "Adaptation fondée sur les Ecosystèmes" na EbA dia fomba iray hiatrehana ny toe-trandro izay manome lanja ny fiarovana ny harena voajanahary sy ny fitantanana araka ny tokony ho izy ny tontolo iainana, mba hahafahan'ny zava-boahary mamokatra ireo serivisy ilain'ny olona hiatrehana ny fiovana sy fiovaovan'ny toe-trandro. Ankoatra ireo tetikasa vao misandratra, dia hita fa tsy ampy ny famatsiana ho an'ny EbA no sady tsy ampy ihany koa ny fandrainan'anjaran'ireo [fraisamonimpirenenena](#).

Eo anatrehan'ny fanambin'ny fiovan'ny toe-trandro eto amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina, ny "CEPF", dia namaritra fandaharan'asa vaovao atao hoe: "Ecosystem-Based Adaptation in the Indian Ocean" (EBAIO), izay vatsian'ny Petra-bola maitso ho an'ny toe-trandro (GCF), amin'ny alalan'ny AFD. Ity fandaharan'asa vaovao ity dia hanome famatsiam-bola mba hanetsehana ny [fraisamonim-pirenena](#) hirotsaka anatin'ny EbA.

Misy vondrona fikambanana tsy miankiana izay manome tantsoroka ny CEPF ao anatin'izany, ka mandrafitra ny ekipa mpanatanteraka misahana ny faritry ny Ranomasimbe Indianina (RIT). Eo ambany fandrindran'ny IUCN NL sy SAF/FJKM, ireto manaraka ireto ireo mpikambana ao amin'ny RIT: SAF/FJKM ho an'ny Madagasikara, ID-

ONG ho an'ny Kaomoro, FORENA ho an'ny Maurice, ary SeyCCAT ho an'ny Seychelles. Ireo fikambanana ireo dia miara-miasa amin'ny CEPF amin'ny fanatanterahana ny paikady fiarovana ny harena voajannahary eto amin'ny faritra Ranomasimbe Indiana ho an'ny 5 taona, no sady mandray anjara ihany koa amin'ny fanatsarana ny faihaiza-manaon'ny firaismamonim-pirenena eny ifotony. Ny adiresy mailaka ifandraisana amin'ny RIT dia ny: cepf.ritmadio2@saf-fjkm.org.

Ankoatran'ity fiantsoana ity, dia hisy ihany koa fiantsoana hafa hivoaka ho an'ny taona 2023-2025. Ireo antso ho avy manaraka ireo ireo dia hanana masontsivana samihafa mifanaraka amin'ny fivoaran'ny kitapom-bolan'ny tetikasa izay hovatsiana.

MASONTSIVANA HO AN' IREO MPANOLOTRA TETIKASA

Ireo fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana, vondrona sy fikambanana eny ifotony, oniversite sy ivon-toeram-pikarohana, orinasa tsy miankina ary ireo karazana firaismamonim-pirenena dia afaka manolotra tetikasa ho vatsiana ao anatin'ity fiantsoana ity.

Tsy azo raisina ny tetikasa avy amin'ny olon-tokana, tsy amin'ny alalana vondrona na fikambanana mitsangana ara-dalana. Raha misy olona maniry hirotsaka, dia entanina izy hiara-hiasa amin'ireo firaismamonim-pirenena amin'ny fanoratana ny tetikasany.

Ny tetikasa avy amin'ny fikambanana na orinasa miankina amin'ny Fanjakana dia azo raisina raha feno ireto fepetra manaraka ireto, mikasika ny mpanolotra tetikasa:

- Mizaka ny zo eo anatrehan'ny lalàna fa tsy miankina amin'ny mpisehatra na masoivohom-panjakana;
- Manana fahefana hangataka sy handray famatsiam-bola avy amin'ny mpisehatra tsy miankina;
- Tsy manana alalana maneho sy mampiseho ho tsy matimanota.

Ireo mpanolotra tetikasa izay manana foibe ivelan'ireo nosy iasana dia afaka mandefa ny tetikasany raha ohatra ka mifantoka amin'ireo filàna voatondro ao amin'ny fiatsoana ary tanterahina ao amin'ireo toerana voafaritra ho an'ity fiantsoana ity.

Hisy fijerena manokana ireo tetikasa izay: (i) mampiseho fa manome vahana ireo fikambanana sy vondrona eny ifotony sy/na mifantoka amin'ny fanamasana fahaiza-manao ireo firaismamonim-pirenena eny ifotony; (ii) maneho ny fisian'ny fandrindrana miaraka amin'ny mpisehatra hafa mba hialana amin'ny famerimberenana asa, toy ny tetikasa izay ahitana fiaraha-miasa sy fiaraha-mientana. Noho izany, azo ekena ny tetikasa iraisana, izay ahitana mpisehatra maro, raha toa ka misy mpitarika iray, izay manolotra ny tetikasa amin'ny anarany, ary voafaritra mazava ny anjara asan'ny tsirairay ao anatin'ny taratasy fikasana hanolotra tetikasa.

Ny mpanolotra tetikasa dia tsy mantsy manana kaonty any amin'ny banky, izay azy manokana ary voaporofa ara-dalàna fa afaka mandray famatsiam-bola.

Ireo mpanolotra tetikasa dia entanina hijery ny tranokalan'ny CEPF indrindra ny fizarana makasika ny on [Masontsivana](#), [Mialohan'ny andefasna ireo atotan-taratasy](#) and [Fomba fandraisana anjara](#). Izay misalasala momba ny fahafahan'izy ireo manolotra tetikasa hovatsian'ny CEPF amin'ity fiantsoana ity, dia afaka mifandray mivantana amin'ny tompon'andraikitra amin'ny alalan'ity mailaka ity: cepf.ritmadio2@saf-fjkm.org

MASONTSIVANA HO AN'NY ASA SY NY TOERANA HANATANTERAHANA AZY

Ny sahan'ity antso voalohany ity dia voafetra ho an'ny laharam-pahamehana fampiasam-bola roa ao amin'ny torolalana stratejika 1: (*Manampy ny mponina eny ifotony sy ny firaismamonim-pirenena mba hahaleo tena amin'ny fanatanterahana hetsika hanatsarana ny fahafaha-matriky ny karazam-biby, ny tontolo iainana ary ny mponina amin'ny fiovan'ny toetrandro eo anivon'ireo KBA izay laharam-pahamehana*) sy ny torolalana stratejika 3 (*Manamafy ny fahaiza-manaon'ny vahoaka eny ifotony sy ny firaismamonim-pirenena eny ifotony sy eo amin'ny Ranomasimbe Indiana mba hanatsarana ny fahaiza-matrika sy hanenana ny mety hiavin'ny fahavoazana avy amin'ny fiovan'ny toetrandro*). Samihafa, araka ny laharam-pahamehan'ny fampiasam-bola ny toerana azo hiasana.

Ho an'ny firenena efatra :

Laharam-pahamehana amin'ny fampiasam-bola 1.1 Manatanteraka hetsika mifanaraka amin'ny EbA, ao anatin'izany ny « agroforesterie », ny fambolena mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro, ny famongorana ireo karazan-javamaniry nampidirina fa tsy zanatany ka mety hampidi-doza ny tontolo manodidina azy (IAS), ny famerenana amin'ny laoniny ny sahandriaka sy ny tontolo iainana amorontsiraka (anisan'izany ny heniheny, honko, vatohara ary ahitra) ary ny fampiroboroboana ny fitantanana maharitra ny morontsiraka sy ny atitany.

Ny tetikasa izay mifanaraka amin'ny mason-tsivana dia ireo izay mandroso hevitra hamolavola sy hampihatra ny EbA, [vahaolana mifototra amin'ny natiora \(NbS\)](#) ary hetsika fiarovana izay mamaly ny fiantraikan'ny toetrandro amin'ny faritra voalaza ho laharam-pahamehana. Ny tanjona dia ny fandinhana ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro eo amin'ny fiveloman'ny olombelona, ary avy eo, manolotra vahaolana izay afaka manohana, mitahiry, na mamerina amin'ny laoniny ireo karazam-biby sy faritra voajanahary, izay manampy amin'ny fandrindrana na fampihenana ny voka-dratsin'ny fiovan'ny toetrandro. Mila ampanarahana lamina izay vahaolana voaroso avy eo, lamina izay mifototra amin'ny fahafantarana ny vola ilaina sy ny paikady hiatrehana ireo fandaniana ireo, na mandritra ny tetikasa na any aoriania, mba azahoana antoka amin'ny faharetana sy ny fitohizan'ny hetsika EbA izay hotanterahina.

Ireo fomba fiasa/fomba fijery hahazo vahana:

- i. *Fampiroboroboana ny « agroforestrie » maharitra sy ny fampandrosoana ny fambolena mahay mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro*
- ii. *Fampiroboroboana ny fitantanana maharitra ny ranomamy, ny heniheny, ary ny tontolo iainana an-dranomasina sy amorontsiraka (honko, haran-dranomasina, hazandrano).*
- iii. *Fanamafisana ny fitantanana ny rohivoaharin'ny sahandriaka sy ala amin'ny alalan'ny fampiharana ny drafi-pitantanana ny faritra arovana iarhana amin'ny fokonolona.*
- iv. *Fampitomboana ny fahafaha-matrikin'ny tontolo iainana ny fiovan'ny toetrandro*
- v. *Famerenana amin'ny laoniny ny tontolo iainana amin'ny morontsiraka izay simba (heniheny, honko, haran-dranomasina, ahi-dranomasina).*
- vi. *Famerenana amin'ny laoniny ny rohivoahary sahandriaka sy ala.*
- vii. *Fampitomboana ny fanaraha-maso sy ny famongorana ireo karazam-biby na karazan- avamaniry tsy eo amin'ny toerana tokony hisy azy ka mety hampidi-doza ny tontolo iainana manodidina azy.*
- viii. *Fanamafisana ny fahafahan'ny vondron'olona eny ifotony hanara-maso ny tontolo iainana, sy ireo karazam-biby ary ny toeram-ponenany eo anivon'ireo faritra voalaza ho laharam-pahamehana. Hita ao amin'ny boky*

fampafantarana ny rohivoahary na « Profil d’Ecosystème » ny lisitr’ireo karazam-biby sy zavamaniry jerena manokana amin’ity antso ity.

Azo raisina anatin’ity laharampahemehan’ny famatsiambola ity ireo tetikasa izay mandrakotra KBA maro na koa nosy maro. Ireo KBA 61 azo hiasana ho an’ity antso voalohany ity ka mifanaraka amin’ny laharan-pahamehan’ny fampiasam-bola 1 dia:

- 10 ho an’ny Kaomoro, izay hita ao amin’ireo nosy telo lehibe;
- 30 ho an’ny Madagasikara; izay hita indrindra amin’ny ilan’ny Atsinanana sy Atsimo Atsinanan’ny nosy.
- 10 ho an’ny Maorisy, izay hita eo anivon’ny nosy Maotirisy sy ny nosy Rodrigues.
- 11 ho an’ny Seychelles, izay ahitana ireo nosy anatiny sy ivelany.

Kaodin’ny KBA	Fiantsona ny KBA	Firenena
COM-01	Forêt de Moya	Kaomoro
COM-04	Massif de la Grille	Kaomoro
COM-05	Massif du Karthala	Kaomoro
COM-07	Mont Ntringui (Hauts de Ndzuani)	Kaomoro
COM-08	Ex Parc Marin de Mohéli	Kaomoro
COM-12	Zone de Bimbini et Ilot de la Selle	Kaomoro
COM-14	Zone de Domoni	Kaomoro
COM-16	Zone de Moya	Kaomoro
COM-19	Zone de Pomoni	Kaomoro
COM-20	Zone du Coelacanthe	Kaomoro
MDG-011	Tsinjoriake-Andatabo	Madagascar
MDG-027	Belalanda	Madagascar
MDG-033	Complexe de trois baies	Madagascar
MDG-045	Haran-dranomasina lehiben’i Tolinary	Madagascar
MDG-053	Farihin’i Tsény	Madagascar
MDG-056	Makay	Madagascar
MDG-066	Amoron’i Onilahy sy renoranin’Onilahy	Madagascar
MDG-070	Analalava Foulpointe	Madagascar
MDG-072	Analavelona	Madagascar
MDG-088	Complexe forestier du Plateau Mahafaly	Madagascar
MDG-089	Complexe Lac Ihotry - Delta du Mangoky	Madagascar
MDG-091	Complexe forestier Mangoky-Ankazoabo	Madagascar

MDG-094	Corridor Ambositra Vondrozo (COFAV)	Madagascar
MDG-095	Zahamena-Ankeniheny SAPM	Madagascar
MDG-097	Corridor Forestier Analamay-Mantadia	Madagascar
MDG-098	Corridor Forestier Fandriana Marolambo	Madagascar
MDG-106	Ala voakokajy Vohibola	Madagascar
MDG-110	Ala Sahafina (Anivorano-Brickaville)	Madagascar
MDG-128	Vohibe Ambalabe (Vatomandry)	Madagascar
MDG-131	Zones humides Nosivolo	Madagascar
MDG-152	Parc National Ranomafana et extension	Madagascar
MDG-154	Parc National Zombitse-Vohibasia	Madagascar
MDG-164	Réserve Naturelle Intégrale Betampona	Madagascar
MDG-175	Réserve Spéciale Beza Mahafaly	Madagascar
MDG-179	Réserve Spéciale Mangerivola	Madagascar
MDG-187	Réserve Spéciale Pic d'Ivohibe	Madagascar
MDG-199	Renirano Mangoro-Rianila	Madagascar
MDG-200	Renirano Namorona-Faraony	Madagascar
MDG-217	Loharano Faraony	Madagascar
MDG-230	Site Ramsar Nosivolo	Madagascar
MUS-02	Chaîne des Monts Bambou	Maurice
MUS-03	Chamarel - Le Morne	Maurice
MUS-05	Forêts reliques du Plateau central	Maurice
MUS-06	Îlots de Rodrigues	Maurice
MUS-08	Ilots du Sud-Est de l'Ile Maurice	Maurice
MUS-11	Montagne Corps de Garde	Maurice
MUS-12	Parc National des Gorges de la Rivière Noire et zones adjacentes	Maurice
MUS-14	Plaine des Roches - Bras d'Eau	Maurice
MUS-16	Versant Sud de Grande Montagne	Maurice
MUS-17	Yémen-Takamaka	Maurice
SYC-03	Astove	Seychelles
SYC-05	Cosmolédo	Seychelles

SYC-06	Farquhar - Ile du sud et îlots	Seychelles
SYC-19	Ile D'Arros et Atoll Saint-Joseph	Seychelles
SYC-32	Iles Saint-François et Bijoutier	Seychelles
SYC-46	Parc National Marin de l'Ile Curieuse	Seychelles
SYC-47	Parc National Marin de Port Launay et zone humides côtières	Seychelles
SYC-48	Parc National Marin de Sainte-Anne (PNMSA)	Seychelles
SYC-50	Réserve Spéciale d'Aldabra	Seychelles
SYC-51	Réserve Spéciale de l'Ile Aride	Seychelles
SYC-52	Réserve Spéciale de l'Ile Cousin	Seychelles

Ny sarin-tany mampiseho ireo KBA laharam-pahamehana voakasik'ity antso ity, ny KBA laharam-pahamehana anefa tsy voakasik'ity antso ity, ary ny KBA tsy laharam-pahamehana dia azo jerena amin'ny alalan'ny rohy ery ambany, ao amin'ny "Antontanataratasy fanampiny".

Ho an'i Seychelles irery ihany :

Laharam-pahamehana amin'ny fampiasam-bola 1.2: Fanohanana ny fametrahana sy ny fampivelarana ny modely ara-barotra izay manatsara ny fahafaha-miatrik'ireo mponina eny ifotony manoloana ny fiovan'ny toetr'andro ary manohana ny rojom-pihariana voajanahary, no sady manamafy ny serivisy vokarin'ny rohivoahary izay mandray anjara amin'ny EbA.

Ny tetikasa mifanaraka amin'ny masontsivana dia ireo izay manohana ny fampivoarana ireo modely ara-toekarena izay manamafy ny fahafaha-miatrik'reo vondrom-piarahamonina ny fiovan'ny toetrandro, anisan'izany ny fizahantany mifototra amin'ny natiora sy ny famokarana maharitra ny vokatra voajanahary. Izany dia amin'ny alalan'ny:

- i. fanamafisana ny famokarana mba hampitomboana ny faharetany, ny fahafaha-miatrika ny fiovan'ny totrandro ary ny fahaizana mifaninana,
- ii. ny fanatsarana ny fidirana amin'ny tsena nasionaly sy iraisam-pirenena ho an'ny mpamokatra amin'ny alàlan'ny fikatsahana tsena mahomby, ny fitaterana entana ary ny fampivoarana ny fotodrafitsara fanangonana vokatra, fanodinana sy famonosana, ary/na
- iii. fampivoarana ny fahaiza-manaon'ny vehivavy, sy ny lehilahy ary ny tanora eo amin'ny sehatry ny fambolena, ny fandraharahana ary fampandrosoana maharitra ny rojom-pihariana.

Ireo tetikasa mifanaraka amin'ity laharam-pahamehan'ny famatsiam-bola 1.1 ity dia tokony hiasa ao amin'ireo KBA 11, izay hita amin'ny fafàna manaraka. Tsy azo raisina kosa ny tetikasa mandrakotra nosy maro. Ireo izay mikasika KBA maro dia azo raisina tsara.

Kaodin'ny KBA	Fiantsona ny KBA	Firenena
SYC-03	Astove	Seychelles

SYC-05	Cosmolédo	Seychelles
SYC-06	Farquhar - Ile du sud et îlots	Seychelles
SYC-19	Ile D'Arros et Atoll Saint-Joseph	Seychelles
SYC-32	Iles Saint-François et Bijoutier	Seychelles
SYC-46	Parc National Marin de l'Ile Curieuse	Seychelles
SYC-47	Parc National Marin de Port Launay et zone humides côtières	Seychelles
SYC-48	Parc National Marin de Sainte-Anne (PNMSA)	Seychelles
SYC-50	Réserve Spéciale d'Aldabra	Seychelles
SYC-51	Réserve Spéciale de l'Ile Aride	Seychelles
SYC-52	Réserve Spéciale de l'Ile Cousin	Seychelles

Ho an'i Madagasikara ireny ihany

Laharam-pahamehan'ny fampiasam-pola 3.1: Manamafy ny fahaiza-manao ara-teknika, ara-pandraharana sy ara-bolan'ireo fikambanana eny ifotony izay manana iraka mifandray amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny ady amin'ny fiovan'ny totrandro. Ny tsy fahampian'ny fahaiza-manaon'ireo firaismamonimpirenena eny ifotony momba fitantanana, fandraharahana sy ny fitadiavana famatsiam-bola dia vato misakana lehibe ho an'ny fiarovana ny zava-boahary sy ny ady amin'ny fiovan'ny toetrandro aty amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana.

Ireo tetikasa izay hovatsiana, dia ireo izay mitondra tohana ho an'ny firaismonim-pirenena eto Madagasikara amin'ny lafiny fanamafisana ny fahaiza-manao ara-teknika, ara-pandraharana, ary ara-bola ao anatin'ny tontolon'ny fiarovana ny harena voajanahary, ny fiovan'ny toetrandro ary ny EbA, amin'ny alalan'ny fampiofanana na hetsika hafa izay voafaritra mazava. Ny CEPF ihany koa dia mamatsy ireo asa mikasa ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny fikambanana eny ifotony momba ny fananganana tetikasa, fitadiavana famatsiam-bola, famolavolana fandaharan'asa, ny fitantanana ara-bola, ny fitantanana ny olona sy ny hay tarika mba hahafahan'izy ireo misitraka loharanom-bola maro sy samihafa.

Araka ny famaritana avy amin'ny CEPF, ny atao hoe "Firaismonim-pirenena eny ifotony" dia ireo izay manana foibe eto Madagasikara, ka miasa na eny ifotony, na manerana ny nosy na eto amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indiana. Ny tetikasa izay voafaritra ao amin'ny laharam-pahamehana 3.1 dia tsy voatery mikasika ireo KBA voafaritra ho laharam-pahamehana. Homena lanja manokana ireo tetikasa izay manohana ireo fikambanana amin'ny fandrindrana sy fanatanterhana asa momba ny EbA.

FEPETRA ANKAPOBENY MIFANARAKA AMIN'NY MASONTSIVANA

Ny tolotra tetikasa dia afaka soratana amin'ny teny anglisy, frantsay.
Omena laharam-pahamehana ny tetikasa izay:

- Maneho fa ny asa dia mamaha ny faharefoana mifototra amin'ny fiovan'ny toetr'andro;
- Mampihatra ny fomba fijery EbA ka mampitombo ny fahafaha-miatrika sy ny asan'ny tontolo iainana ao amin' ireo KBA;

- Mandray anjara amin'ny fanalefahana ny fiovan'ny toetr'andro;
- Mandinika ny laharam-pahamehana momba ny fiovan'ny toetrandro, hita ao amin'ny politikam-pirenena, na paikadin'ny firenena ampiharana ny tetikasa;
- Mampiseho vokatra tsara eo amin'ny lafiny mira lenta;
- Mampiseho ny fampiasana mahomby ny vola;
- Maneho paikady mazava amin'ny fanatratrarana ny fahaleovan-tena ara-bola;
- Tena mifanaraka amin'ny paikadin'ny fampiasam-bola voalaza ao amin'ny boky fampafantarana ny rohivoahary.

Ireo teboka hafa izay mety hanamafy ny fandraisana ny tetikasa:

- Drafitra mazava amin'ny fanohizana ny tetikasa aorian'ny daty napetraka;
- Fanohanana ireo vondrom-piarahamonina ifotony sy eo an-toerana amin'ny asa iarahan'ny fiaraha-monina na fiaraha-mitantana ho an'ny EbA ary ireo hetsika izay manamafy ny zon'ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana amin'ny lafiny fanajariana ny tany, sy ny zo amin'ny fampiasana ny harena voajanahary;
- Fifamenoana amin'ireo tetikasa efa misy ary ny fandrindrana na fiaraha-miasa amin'ny fikambanana hafa mba hisorohana ny asa miverimberina;
- Miantefa amin'ny mponina eny ifotony, ka manamafy ny fahafaha-miatrik'izy ireo sy ny fahafahany miaro ny zavamananaina;
- Fankatoavana avy amin'ireo tompon'andraikim-panjakana mahefa, amin'ny alalan'ireo manampahefana nasionaly voatondro amin'izany.

Ny famatsiam-bola dia tsy azo ampasaina amin'ny:

- Fampiasana zaza tsy ampy taona na asa an-terivozona.
- Fanorenana na fanarenana ny tohodrano lehibe.
- Fandoavana karama na fanampin-karama ho an'ny mpiasam-panjakana.
- Fividianana basy na fitaovam-piadiana hafa.
- Hetsika izay mampiroborobo ny varotra na fampiasana ny akora rehetra voatanisa ao amin'ny « Stockholm Convention on Persistent Organic Pollutants », na akora simika hafa na akora mampidi-doza iharan'ny fandrarana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, iharan'ny famerana na fanatsaharana, izay mety hiteraka fanapoizinana ny zavamananaina, fihenan'ny fahafaha-miatriky ny tontolo iainana, ny mety hisian'ny fitrofan'ny zava-maniry na biby akora simika mampidi-doza, na ny mety ho fahapotehan'ny sosona ozonina (couche d'ozone)
- Fividianana sy fampiasana fanafody famonoana bibikely izay voasokajy IA sy IB na voasokajy II ao amin'ny « World Health Organization classes », raha toa ka mety ho ampasain'ny mpiasa tsy mathanina, mpamboly na olon-kafa tsy misy fiofanana amin'ny fikarakarakana sy ny fitehirizana ireo fitaovana ireo araka ny tokony ho izy.
- Famindrana olona hiala amin'ny toerana misy azy (an-tsitrano na tsy an-tsitrano).
- Fividianana tany.
- Hetsika izay mety hiteraka voka-dratsy amin'ny tontolo iainana.
- Hetsika izay mampiditra na mampiasa karazan-javamaniry izay tsy zanatany ka mety hampidi-doza.
- Fanesorana na fanovana ny lova ara-kolontsaina

NY fanampim-panazavana momba ny laharam-pahamehana ami'ny fampiasam-bola sy toerana hiasana na KBA dia hita ao antin'ny Boky fampafantarana ny rohivoahary. Araho ny rohy ery ambany (Antontan-taratasy Fanampiny).

TETIBOLA SY TETIANDRO

Ny tetibola farany ambony ho ann'y tetikasa madinika dia tsy mihoatra ny 50 000 dolara amrikana (USD 50 000). Raha mihoatran'ny 50 000 \$ ny teti-bolan'ny tetikasa dia mila mijery ny fiantsoana ho an'ny tetikasa lehibe izay hita ao amin'ny [tranokalan'ny CEPF](#).

Ny fandefasana ny taratasy fanoloroana tetikasa dia mifarana ny **Alakamisy 2 febroary 2023 amin'ny 11 ora alina** (oran'i Madagasikara). mialoha ny handefasana ny natontan-taratasy rehetra dia entanina ny mpanolotra tetikasa hamaky ireto [torolalana mba handrafetana tetikasa mahomby](#) ireto.

Ny fifantenana dia hahritra enina (6) herinandro miainga eo ami'ny date faran'ity fiantsoana ity. aorian'izay dia hampahafantarina ny fanapanahan-kevitra ny mpifananana rehetra. Ireo izay voafantina amin'izany dia ho asaina hamelabelatra kokoa momba ny tetikasa izay nosoratany. Ireo voantsonga amin'izany dia hahazo famatsiam-bola ary hanasonia fifanaraham-piaraha-miasa miaraka ami'nu IUCN-NL amin'ny maha RIT azy s. Ny famatsiambola dia atolotra amin'ny tahabola dolara amerikana ary ny fifanaraham-piaraha-miasa dia ho amin'ny teny anglisy na frantsay.

Ny tetikasa madinika izay vatsiana vola dia tokony hanomboka am'iny vola may-Jona 2023 ary hifarana amin'ny 31 desambra 2026.

FOMBA FAMETRAHANA NY FANGATAHANA TETIKASA

Ny tolota tetikasa madinika dia afaka atao ami'ny teny Gasy, Frantsay na Anglisy. Ny antontan-taratasy fenoina amin'izany dia hita manaraka ireto rohy ireto araka ny teny ampiasainy:

- Anglisy: [LOI template](#) et [Budget template](#)
- Frantsay: [modèle de lettre d'intention](#) et [modèle de budget](#)

Ny fanovana ny lasitra ho an'ny taratasy fangatahana dia hitarika ny tsy fandraisana izany.

Ny mpanolotra tetikasa madinika dia asaina handefa ny taratasy fangatahana (LOI) amin'ny alalan'ny mailaka: cepf.ritradio2@saf-fjkm.org, ka ny lohatenin'ny mailaka (objet) dia : LOI_1/2022/SG_CEPF_"Firenena"/"Anaran'ny fikambanana"
Ohatra amin'izany lohateny izany :

- Kaomoro: LOI_1 /2022/SG_CEPF_COM/IUCN NL
- Madagasikara: LOI_1 /2022/SG_CEPF_MDG/IUCN NL
- Maorisy: LOI_1 /2022/SG_CEPF_MUS/UICN NL
- Seychelles: LOI_1 /2022/SG_CEPF_SYC/IUCN NL
- Vondrona firenena maro: oh: LOI_1 /2022/SG_CEPF_SYC_MDG_COM/IUCN NL

Hisy mailaka ho alefa ho an'ny mpanolotra tetikasa manamarina fa voaray ny fangatahany. Ny taratasy voaray aorian'ny fe-potoana apetraka, ireo antontan-taratasy tsy feno na koa mailaka tsy misy taratasy mipaingotra dia tsy azo raisina. Ireo fangatahana tetikasa dia hotsaraina manaraka ny masontsivana napetraka ho an'ity fiantsoana ity.

Amporisihina ireo mpandray anjara mba hamolavola tetikasa miaraka amin'ireo Mpriara-miombon'antoka amin'ny sehatra isan-tokony, mba hifanaraka amin'ny filàñ'ny sehatra sy/na faritra isan-karazany izany. Entanina ihany koa ny fifanatonana amin'ireo mpiara-miombona antoka samihafa, mba hisian'ny fifamenoana.

Raha mila fanazavana fanampiny na fanontaniana dia azo atao ny mandefa mailaka amin'ity adiresy ity: cepf.ritmadio2@saf-fjkm.org. Farito mazava tsara ao amin'ny lohatenin'izany (objet) ny faritra tiana hiasana. Ny 31 Janoary 2023 no farany handraisana ny fanontaniana.

Hisy atrikasa fampahafantarana izay hotanterahana ny **zoma 25 Novambra 2022** ho avy izao, izay fotoana fanararaotra hametrahana fanontaniana ihany koa. Ny atrikasa teny frantsay dia hotanterahina amin'ny 11 hatramin'ny 12.30 (oran'i Madagasikara). Ny atrikasa ami'ny teny anglisy kosa dia hanomboka ami'ny 2 ora hatrami'ny 3.30 hariva (oran'I Madagasikara).

- Atrikasa amin'ny [teny Frantsay](#)
- Atrikasa amin'ny [teny Anglisy](#)

Eto amin' [ity tranokala ity](#) dia hisy fizarana ahitana ireo fanontaniana apetrak'ireo mpanoratra tetikasa sy ny valiny izay nomen'ny mpikarakara mialohan'ny hifaranan'ny fiantsoana.

Mialohan'ny hanomezana famatsiam-bola ireo tetikasa, dia hojerena manokana ny fanajan'ny tetikasa [ireo politika fitandrovan'ny CEPF](#) mba hisorohana na hanafoanana ireo fahavoazana mety hitranga amin'ny tontolo iainana sy ny olombelona. Hojerena ihany ko any fanomezana lanja ny mira lenta. Ny CEPF dia namoaka torolalana maro izay i) manampy amin'ny fanoratana, fanahanterahana ary fanjohiana tetikasa manaja ny mira lenta ([CEPF Gender Toolkit](#)); ary koa ii) hahafantarana ny andrasan'ny CEPF momba ny miralenta amin'ny tetikasa iray ([CEPF Gender Fact](#)). Tsidiho [ny pejy momba ny miralenta](#) raha te hahafantatara bebe kokoa momba ny fomba fiasan'ny CEPF amin'ny lafiny mira lenta amin'izay tetikasa izay vatsiany vola.

ANTONTAN-TARATASY FANAMPINY

Zava-dehibe ny hamakian'ireo mpanolotra tetikasa ny boky fampafantarana ny rohivoahary aty amin'ny faritra mafana momba ny harena voajanahary eto Madagasikara sy ny Ranomasimbe Indiana, izay ahitana ny andinindinin'ny karazana asa izay vatsian'y CEPF vola.

- Boky fampafantarana ny rohivoahary: [Teny anglisy - Teny Frantsay](#)
- Fahafahana miatrika ny fiovan'ny toetrando mifandraika amin'ny rohivoahary aty amin'ny Ranomasimbe Indiana: [Teny Anglisy - Teny Frantsay](#)
- [Taotsarintan'ireo KBA ho an'ireo nosy hiasana](#)

Vakiteny fanampiny:

- [Tsara ho fantatra mialoha ny handefasana ny fangatahana famatsiam-bola](#)
- [Torohevitra 12 mba hahazoana famatsiam-bola CEPF](#)
- [Antontan-kevitra momba ny tetikasa vatsian'ny CEPF](#)
- [Tsingerim-piainan'ny famatsiam-bola](#)
- [Ireo fanontaniana be mpametraka indrindra](#)

FANAMARIHANA

Raha ohatra ka misy hevitra na teny mifanohatra na fahasamihafana amin'ireo antso izay natao tamin'ny teny anglisy, frantsay sy malagasy dia ny antso amin'ny teny anglisy no manan-danja ambony indrindra.